

Sabata 22 aprily 2017: Fanosorana diakona—Rasolomandimby Richard sy Ralainambina Charlot.
"Fa izay efa mahavatra tsara ny asan'ny diakona dia mahazo tœrana tsara ho an'ny tenany ." (1 Timoty 3:13)



Sabata 06 may: Sabatan'ny Fifandraisana. "ary izay mamerina ny maro ho amin'ny fahamarinana dia ho tahaka ny kitana mandrakizay doria."Dan. 12:3 Natao hamerenana ny maro ho amin'ny fahamarinana ireo teknolojia sy fandrosoana ankehitriny.



*"Ny fatoram-pianakaviana no ety indrindra, no mamy sy masina indrindra eto an-tany." TMF pj 290*
*Koa, "toy ny nitiavan'i Kristy anareo" dia "mandehana amin'ny fitiavana". Izany no firariantsoa atolotra ho an'ity tokantrano ity:*
RAKOTOZAFY Gaius sy Nathalie



Fetin'ny Reny, sy fetin'ny Ray: samy nankalazaina avokoa . Ny sampana miadidy ny ankizy no nanomana sy nikarakara. Ny zanaka ho tia ray aman-dreny, ary ny ray aman-dreny ho tia zanaka. Ka ho tokantrano sambatra ny tokantrano rehetra.



Fitsofan-drano zaza na fanoloran-jaza—Sabata 10 Jona.
RAZAKANDRAIBE Omentsoa Ifalianay,
ANDRIAMIANJARIVO Sitraka Fanantenana,
RAFANOMEZANTSOA Felaniaina,
RAJAONARISON Sandamanana Tsadik,
RAJAONARISON Tsisakanana Anaja,
RANDRIANAMBININA Fanomezantsoa Avotra Niaiko.

Sabata 10 jona: famangian'i Pastora RAKOTONANDRASANA Rado—Dpt Fifandraisana UNION sady mpiandraikitra ny Feon' ny Faminaniana . Mifototra tamin'ny 1 Jaona 2:6 ny hafatra nentiny: "Moa ve isika efa nametraka ny dia tongotsika teo amin'ny dia tongotr'i Jesosy ?"



## ASA FITORIANA: Antananarivo Ho an' I KRISTY (MRMA)

Teo anelanelan'ny 30 aprily ka hatramin'ny 30 may 2017 no nanatanterahan'ny TAMI tsirairay ny Seminera iraisana. Ny boky nampiasaina dia natao arakaraka ny filan'ny olona mpanatrika. Nisy ohatra ho an'ny ankizy ny bokin'ny MinEnf "Ny Toerako Eo Amin'ny Tontolo"; ho an'ny lehibe indray kosa dia ny "Ala sarona" na ny "Seminera Fampianarana Baiboly". PL 16 no niasa tao anatin'ny site 10 tamin'ireto toerana ireto: 67 Ha, Ambatobe, Ambatolampikely, Ampefiloha Ambodirano, Ankadivato, Ankorondrano, Isotry, Soamanandrariny, Tsarahonenana 1, Tsarahonenana 2, Tsaralalana. Amin'ny ankapobeny dia miisa 119 ny lehibe liana, ary 86 ny ankizy.













Tao aorian'ny seminera dia nisy ny konferansa lehibe voalohany teo anivon'ny distrika Isotry izay notanterahina teo amin'ny tokotany malalaka ny AMAF Andavamamba ny Alahady 28 may – Zoma 2 jona 2017. Ny pasitoran'ny distrika no mpandahan-teny tamin'izany, ary noravahan'ireo antokom-pihiran'ny fiangonana folo eto amin'ny distrika. Ny Sabata 3 jona no nisy ny finjinjana voalohany, ka fanahy 13 no natao batisa. Telo amin'ireo no an'ny Fiangonana Isotry. Ny fanompoam-pivavahana sy ny fanaovam-batisa dia natrehan'ireo solotena avy amin'ny Foibe Ranomasimbe Indiana: ny Pasitora/dokotera Raymond SAKAFIRA – dokotera lehiben'ny Hopitaly Advantista Andapa, RASOANAIVO Zo – anisan'ny mambra ny Komitin'ny Union, Pasitora RABEMANANTSOA Hasina Lalaina – pasitoran'ny distrika Mananara I niaraka nanao ny batisa tamin'ny pasitoran'ny distrika, Fenorado ANDRIAMPARANY – nitondra ny hafatra avy amin'Andriamanitra tamin'iny maraina iny

Sabata 17 may 2017: andro maneran-tany ho an'ny Mpisantatra. Nankalazaina tamin'ny endrika kanto izany fotoana izany ary nahitana ny talentan'ireo ankizy sy ny fanoloran-tenan'ny mpitarika.







Sabata nitondrana am-bavaka ireo mpanala fanadinana koa tamin'io. Ireo ankizy nanala ny CEPE moa dia afaka soa amantsara avokoa. Ny sampana Fanabeazana no nitondra ny fotoana.

## sakaizan'ny zavaboary

### Crocodile (mamba) :

*"Nefa izaho dia eo aminao ihany mandrakariva, mihazona ny tanako ankavanana Hianao." (Salamo 73:23)*

Vao jerena ny crocodile, dia ireo nifiny marobe izay toa mitsiky no voamarikao voalohany indrindra. Raha mandany fotoana hanisana ireo nify ireo ianao, dia eo amin'ny efatra amby roapolo eo no hitanao. Ary ny mahagaga dia tsy mba ampiasainy hitsakoana toy ny fampiasantsika ny nify izy ireo. Ny nifin'ny crocodile mantsy dia natao hihazonana sy hamotehana ny sakafony ihany. (Mety miala ireo nifiny ireo, saingy vetivety dia misolo. Misy efa nisolo nify hatramin'ny 8 000 ny sasany mandritra ny andro iainany.)

Ireo izay voakaikitrany dia mahalana ihany no tafala. Satria tokoamantsy ny crocodile no tompon-daka amin'ny fanaikerana. Raha izaho sy ianao dia afaka manaikitra amin'ny tanjaka 68—90 kg/m², fa ny kaikitry iray ataon'ny crocodile dia amin'ny tanjaka 1678,28 kg/m². Izany hoe avo 20 heny amin'ny tanjaky ny valanoranontsika ny an'ny crocodile! Ary, koa satria sarotra ho azy ny mitsako amin'ireo nifiny ireo, dia manatelina vato izy hanampy azy amin'ny fandevonan-kanina. Ankoatra ny fanapotehana sy ny fandevonana sakafo ao amin'ny vavoniny, dia manampy azy hitsingevana ao anaty rano ny vato sy mampitombo ny lanjany ka afaka mijanona hatramin'ny ora iray izy milentika ao anaty rano. Io fahaiza-manaony io, miaraka amin'ny fahaizany milomano haingana no mahatonga ny crocodile ho tena atahorana izay tsy izy.

Kanefa, toy ny biby rehetra, dia manana ny fahalemeny koa ny crocodile. Na dia afaka manakatona ny vavany amin'ny tanjaka lehibe aza ny izy, dia tena sarotra aminy ny manokatra azy. Raha mahery fo ianao, ka sahy hametaka tady vita amin'ny caoutchouc eo amin'ny vavany, dia tsy hanana tanjaka ampy hanokafany ny vavany ny crocodile! Tena mahavariana fa tady caoutchouc ihany dia mahavita izany!

Ry ankizilahy sy ankizivavy! Lesona lehibe no azo tsoahina avy amin'ny crocodile. Toa azy ireo izay mamikitra mafy amin'ny hazany, dia tokony hamikitra mafy ihany koa ianao… amin'i Jesosy. Tsy hamela anao mihitsy Izy, kanefa tsy hanery anao hamikitra Aminy Izy. Koa nahoana no tsy handray fanapahan-kevitra anio—dia ny hamikitra amin'i Jesosy!






GAZETY **BITSIKA**

Fiangonana advantista Isotry Tsaralalana

Laharana 013 | Jona 2017

**Gazety boky mpiseho isan-telo volana eto amin'ny AMAF Isotry Tsaralalana**




## Tetik'asa Fanorenana

*« Aoka isika handeha amin'ny Fahazavan'i Jehovah » Isa 2:5* dia tsy inona fa ny fametrahana amin'ny finoana ny sitrapon' Andriamanitra eo amin'ny olony . Efa mbỳ ho vita ny sonia andrasantsika, izay nentina am-bavaka efa ho valo volana izay.

Tsy ho ela dia hiroso amin'ny dingana manaraka isika.

Miandry am-pinoana isika ary zahan-toetra ny mambra rehetra mandritra izany.

Mahereza ry Fiangonana

*« Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony » Fil 2:13*

### Ezy anye!

VEHIVAVY MAHITA NY MOMBA AN'I JESOSY

Izany no lohahevitra niarahana tamin'ny sampana miadidy ny vehivavy tamin'ny herinandron'ny 4—10 jona 2017

Jesosy Ilay Sakaiza akaiky indrindra, Jesosy Fiadanako,Jesosy Ilay Ohatra ho ahy,Jesosy Ilay Mpitana tsiambaratelo, Jesosy Ilay Mpiaro ahy,Jesosy Ilay Mpamonjy ahy.

Ankehitriny Azy aho, Azy irery ihany aho.

FIFANDRAISANA

ISOTRY TSARALALANA

*Tolorana ny arahaba feno isika fa nieren-doza sy niafenana antambo ka sitrak'Andriamanitra hianoka sy hisitraka ny telovolana fahatelo. Ny hazo mijoalajoala hono ny fakany no tsara famikitra; ny trano no meva fijoro, ny fototra no tsara rafitra. Ho tsara fototra ao amin'Ilay tia antsika isika, dia Jesosy Zokintsika.*

*Mitodika manokana ho anareo Rahavavy sy zandry zanaka ny tenako. Nandalo ny fotoana fankalazana isan-karazany isika teo? Toy ny Iray volan'ny ankizy, ny fetin'ny reny sy ny ray sns… fa izao: Aoka tsy ho variana fotsiny amin'ny zavatry ny tany isika fa hiandrandra ilay fety fankalazana lehibe miaraka amin'olom-boavonjy rehetra sy Ilay Nahary namonjy antsika.*


*Ry mpiray fanantenana rehetra, mankasitraka tamin'ny fanatanterahana ny seminera sy ny konferansa. Andriamanitra anie hampitobaka ny fitahiany mandrakariva ho aminao. Hampahery sy hampifoha ny tsirairay avy amin'ny alalan'ny ranonorana farany anie Izy raha eo am-pikatsahana ny hanambara ny hafatry ny Anjely telo.* ***"Fa Jehovah manavotra ny fanahin'ny mpanompony, ka tsy mba hisy hohelohina izay rehetra mialoka aminy."*** *(Salamo 34:22). Hitahy antsika rehetra anie ny Tompo .*



Madame Pasteur Mamin'ny Aina SAMBANY.

SEKOLY SABATA

Ireo isa ao amin'ny Sekoly Sabata no anisany manome taratra ny aim-panahin'ny Fiangonana. Ireto salan'isa ireto dia azo avy amin'ny fanambarana ny isa rehetra ny fahatongavana sy ny fianarana lesona ary avy eo nozaraina tamin'ny isan'ny Sabata nandritra an'iny telovolana lasa iny. Amin'ny ankapobeny, ho an'ny zaza minono sy ny zatovo dia antsasaky ny mambra ihany no tena manatrika ny SS. Raha ny fianarana lesona indray, dia ny ankizy no tena ahitana tahan'ny fahazotoana ary ny ireo zatovo no somary malaina.




## Zaridainam-bavaka

Isaky ny Sabata hariva dia misy ny atao hoe "Zaridainam-bavaka" ato am-piangonana, fotoana manokana izay iarahana amin'ny Sampana Vavaka. Afaka manatona eny amin'ny poliptra avokoa ireo izay manana antom-bavaka manokana—fisaorana izany, na fangatahana, na fanelanelanana. Mandritra io fotoana io koa no hanombohana ireo vavaka iombonana hatao mandritra ny herinandro. Koa, raha misy antom-bavaka tokony hiarahan'ny Fiangonana, na dia amin'ny fahamehana aza dia aza misalasala miantso ireto laharana ireto: 034 60 972 66, 034 01 857 08. *"Fa ny fiasan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra." Jak 5:16b*



